Inona no mety ho entin'ny Esperanto?

- Ahafahana miresaka mivantana sy moramora kokoa amin'ireo mponina amin'ny firenena samihafa dia ilaina ny manana teny iraisana. Amin'ny ankapobeny, manana fifandraisana akaiky sy haingana amin'ny hafa mampiasa ny Esperanto, ary tsy miankina amin'ny tenin'ny firenena tsirairay avy.
- Amin'ireo boky voadika amin'ny teny Esperanto, misy amin'ireo asa soratra lehibe sy ireo "asa soratra sarobidin'ny literatiora" voasoratra tamin'ny tenim-pirenena tsy dia fantatra maneran-tany no nanana vintana nampahafantarina ny olona.
- Maro ireo karazana fianarana no mana-porofo fa manatsotra ny fianarana tenim-pirenena hafa ny Esperanto. Raha mianatra Esperanto taona iray ohatra, dia mahita vokatra tsara amin'ny fahaizana teny anglisy, ianarana mandritra ny telo (3) taona, noho ny hoe maka efa-taona (4) ianarana teny anglisy fotsiny.
- Miaraka amin'ny "Pasporta Servo"- tambazotra mpampiantrano miasa efa ho dimampolo (50) taona. Afaka mandry indray alina any aminà mponina iray manerana ny tany (aminà firenena mihoatra ny sivifolo (90)), maimaim-poana ianao, mahazo ny fifandraisana amin'ny fiombonana iray. Mahafantatra ihany koa ny toerana misy ireo tompon-trano ivahini-anana ireo ary mandritra izany ny fifaneraserana dia ho tsotra sy mitovy.
- Manerana izao tontolo izao, isan'andro isan-taona, hetsika mikasika ny Esperanto no mitranga. Ho hitanao amin'izany ireo karazana hetsika , valan-dresaka mandritra ny fifandraisana an-kafatra.
- Amin'ny alalan'ny Esperanto, tonga mpikambana ao anatina fiombonana iray iraisam-pirenena miaraka amin'ny kolontsaina iraisam-pirenena.

Fiteny tsotra?

Ny fitsipi-pitenenana Esperanto dia efa isan'ny tsy misy fanavahana ary tsy misy matoanteny tsy manara-pitsipika. Ny filaharan'ny teny ao anaty fehezanteny dia malalaka (ahafahan'ireo mpiteny arakaraky ny firafitry ny fehezanteny amin'ny fitenin-drazany mizatra miteny tsara ny Esperanto). Tononina avokoa ireo litera, noho izany dia arakaraky ny fanoratra azy no fanononana ny teny. Aingana kokoa ny ahafantaranao ireo fototeny izay efa fantatrao amin'ny fitenin-drazanao.

Volana vitsivitsy monja no ilaina ahafahana miteny Esperanto.

TEJO?

(Fikambanan'ny Tanora Esperantista maneran-tany)

Tejo dia fikambanan'ny tanora Esperantista maneran-tany. Mamondrona ireo tanora rehetra miteny ny teny Esperanto manerana izao tontolo izao izy.

Mikarakara hetsika maro isan-karazany, ahafahana manana finamanana sy manala andro miaraka noho ny Esperanto ny Tejo. Tejo dia mandray anjara amin'ny fampianarana ny zo maha-olona, ny fifaneraserana ary ny fifandeferana ara-kolontsaina. Ny tanora Esperantista dia tena mavitrika sy mirehi-po tokoa. Etsy andaniny, mahaleo tena izy ireo satria manana ny ivo-toerana iraisam-pirenena izay tantanan'ireo tanora ireo ihany.

www.tejo.org



- Misy ireo hira, horonan-tsary, tononkalo, tantara foronina, gazety boky mivoaka ara-potoana, tantara tsangana, kabare, hira "rock", "pop", "rap" amin'ny teny Esperanto. Vondrona mpanao mozika maro no mampiasa ny Esperanto amin'ny hiran'izy ireo.
- Ny Esperanto ihany koa dia ampiasaina ao anaty ankohonana iray, misy izany ireo zaza no miteny azy hatramin'ny fahazazany.

Iraisam-pirenena tsy miandany demokratika mora ianarana

Resahina manaran-tany amin'ny firenena mihoatra ny 120. Ireo olona mianatra azy matetika dia ireo tanora mivelatra amin'ny kolontsaina hafa, tia ny fanim-pirenena hafa, tia mitety tany sy mifanakalo hevitra amin'ny olona hafa manaran-tany.

Ny Esperanto dia tsy mifandray manokana amin'ny firenena iray na foko iray na vahoaka iray.Ireo rehetra mianatra azy no tompony.Tombony lehibe izany ho an'ny fanim-pirenena iray izay ny anjara asany dia mametraka fifandraisana amin'ny firenena isan-karazany.

Noho ny fanaraha-draftry ny tany, ny Esperanto dia mora ianarana kokoa noho ny tany hafa. Izay mianatra azy dia manana tombony sahala amin'ny hoe mbola tsy mahay afa-tsy ny fanin-drazany nefa afaka miresaka amin'ny olona efa mahay io tany io na avy aiza na avy aiza.

Leon Tolstoï: " enin-taona lasa izay, nahazo ny fitsipi-pitenenana sy listry ny tany maromaro amin'ny Esperanto aho. Tsy nihoatra ny ora roa nianarana akory dia sahala ny nahay nanorata sahady aho, ary tara-fahatsiny nahay namaky tany tsy nisy olana akory...Na dia tsy Tolstoï aza ianao dia tsy mila fotoana betsaka ianarana io tany io.

XIAO Peilang, Sina: Amiko, ho an'ny vahoaka sinoa dia mora raisina ny Esperanto noho ireo fanim-pirenena eoropeana. Manaraka izany, ny vahoaka sinoa rehetra izay efa nianatra azy dia nahita tombony kokoa mihoatra ny hafa izay nianatra ny fanim-pirenena eoropeana.

Fikambanan'ny Esperantista Tanora eto Madagasikara (FIESTAMA)

p/a Herintsaina Sara
Antanety Atsimo Lot IVD 59 (1er étage)
101 Ambohimanarina, Antananarivo
tel.: (20) 3455 660 09,
herintsaina_sadie@yahoo.fr

ESPERANTO?

MG